



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-243

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-002/2023 TAMIN'NY 15 MARTSA 2023 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT DU PROGRAMME INTEGRE D'ASSAINISSEMENT D'ANTANANARIVO-2<sup>EME</sup> PHASE (PIAA2), CONCLU LE 08 DECEMBRE 2022 ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET L'AGENCE FRANÇAISE DE DEVELOPPEMENT(AFD)».

Fivoriana faha-4  
Natao ny  
Talata 16 may 2023  
- Atoandro -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa isany:

-RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

-RABENIRINA Jean Jacques

**FOTOANA:** Talata 16 Mey 2023, tamin'ny 11 ora sy 15 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2023 tamin'ny 15 Martsa 2023 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Programme Intégré d'Assainissement d'Antananarivo-2<sup>ème</sup> phase (PIAA2), conclu le 08 décembre 2022 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement(AFD)».

Nitohy ny Talata 16 Mey 2023 tamin'ny 11 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritan'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle.

Rehefa avy nisaotra azy tamin'izany ny tenany dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony sady niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola hamaky ny tatitra tany amin'ny asam-baomiera.

Tsy tonga nanatrika fivoriana, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, Ramatoa BAOFENO Micheline no nanatontosa izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alarobia faha-10 Mey 2023 tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola sy ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano, nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2023 tamin'ny 15 Martsa 2023 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Programme Intégré d'Assainissement d'Antananarivo-2<sup>ème</sup> phase (PIAA2), conclu le 08 décembre 2022 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD)».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa isany:

- 1- ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 2- ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
- 3- RAFIDIMANANA Narson
- 4- ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- 5- RASIDIMANANA
- 6- RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol

Tsy nisy solotena ny mpikambana avy amin'ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano.

Ireto kosa ireo Teknisiana tonga nislotena ny Governemanta.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- |  |              |
|--|--------------|
| 1- RAZAIVAOVOLOLONIAINA Helinoro Diamondra | SG-MEAH      |
| 2- ANDRIANASOLO Avotra                     | DDP pi/MEF   |
| 3- RAHANIRAKA Haingotiana                  | SADE/DDP/MEF |
| 4- TOVOARIVELO Jennica                     | SASD/DDP/MEF |
| 5- ANDRIMAMPIANINA Miora                   | MEAH-DAJ Pi  |
| 6- RAZAFINDRALAMBO Guy                     | Dir Cab CUA  |
| 7- RAJAONARISON Ihaja                      | DCP/CUA      |
| 8- RAZAKAMAHEFA A.Oyo                      | DA/MEAH      |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia niala tsiny tamin'ny tsy nahatomombana ny fandaharam-potoana izay voafaritra tao anaty tetiandro.

Taorian'izay dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana mba hanazavany mikasika ny volavolan-dalàna.

Niala tsiny ihany koa Ramatoa Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana noho ny tsy fahatongavan'Andriamatoa Minisitra.

Nambarany tamin'izany, fa andiany faharoa ity famatsiam-bola ity taorian'ny PIAA1 izay efa nosoniavina teo aloha. Ny tanjona amin'izany dia ny fampihenana ny fandalovana sy ny fiantraikan'ny tondra-drano sy ny mety ho vokatry aterak'izany eto amin'ny tanànan'Antananarivo.

Haharitra dimy (5) taona ny soritr'asa amin'izany, ka hatomboka ny taona 2023 ary hifarana ny taona 2027.

Miantefa amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra sy ireo Kaomina 37 manodidina ity findramam-bola ity. Mponina miisa 2 300 000 no hahazo tombotsoa amin'ity tetikasa PIAA2 ity.

Miisa dimy ireo sokajy mandrafitra ny famatsiam-bola:

- «Gestion de projet CGPA (Cellule de Gestion des Programmes d'Assainissement au sein du MEAH)» izay mitentina «2 750 000 Euros»;

- «Investissement des travaux», izay mitentina «42 280 000 Euros»;
- «Actions de Proximité des ONGs», izay mitentina «1 000 000 Euros»;
- «Renforcement de capacité et appui institutionnel», izay mitentina «1 700 000 Euros»;
- «Etudes techniques complémentaires», izay mitentina «2 800 000 Euros».

Ireto tetikasa telo manaraka ireto no laharam-pahamehana amin'ity famatsiam-bola ity raha araka ny «Schéma Directeur d'Assainissement d'Antananarivo»:

- Fanavaozana ireo faritra ao ambanin'ny «ovoide» Analakely;
- Fanangonana sy famoahana ireo rano manodidina ny farihin'Anosy;
- Fanatsarana ny tambazotra fanarian-drano eo amin'ny Kianja sy ny manodidina ny faritr'i Mahamasina.

Ny orinasa «SOFRECO-BERIM-EC PLUS» no orinasa mpanao fanadihadiana araka ny fifanarahana laharana faha-001-MEAH/ETAFD/2022 izay efa nosoniavina tamin'ny 27 Jolay 2022 ka enim-bolana no faharetan'ny fanatanterahana ny fanadihadiana.

Toy izao manaraka izao ny tetibola iasana amin'izany.

Mitentina “53 000 000 Euros” ny vola amin'izany, ka mitsinjara ho toy izao manaraka izao:

- «35 000 000 Euros» indramina amin'ny AFD;
- “8 000 000 Euros” dia fanomezana avy amin'ny Vondrona Eropéana;
- “10 000 000 Euros” avy amin'ny Fanjakana Malagasy.

Toy izao no fepetra hamerenana ny vola:

- 7 taona tsy andoavana renivola na «période de grâce»;
- Mizara roa ny tahan'ny zanabola amin'izany ka:
  - Ny iray dia «Euribor» 6 volana ary miampy 10 pdb (point de base) ahitana tahan'ny zanabola farany ambany 0,25%;
  - Ny faharoa kosa ahitana tahan'ny zanabola tsy miova raha manao fandrotsaham-bola mihoatra ny “3 000 000 Euros”.
- Ny tambim-pamoaham-bola (Commission d'engagement) dia 0,5%;
- Ny «commission d'instruction» dia 0,35%;
- Ny «indemnité d'annulation du crédit» dia 10% miakatra: 2,5% dia kajiana araka ny vola nofoanana.

Ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana no Minisitera mpiahy ny tetikasa ary ny «cellule de gestion du projet» ao amin'ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana no rantsana mpanatanteraka.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny Solombavambahoaka.

#### **FANONTANIANA SY NY VALINY:**

- 1- Mbola hisy ve ny andiany faha-3 amin'ity tetikasa ity?
  - **Eny, mbola hisy ny andiany faha-3 amin'ity tetikasa ity.**

- 2- Mety hisy ve ny «expropriation» na fanalana olona amin'ny taniny ao anatin'ity tetikasa ity?
  - **Araka ny fandinihana natao dia tsy misy ny «expropriation» satria fanatsarana sy fanamboarana ireo fotodrafitrasa efa misy no hatao.**
- 3- Misy «Permis Environnemental» ve ity tetikasa ity?
  - **Mbola eo andalam-panaovana «avenant» amin'ny fanavaozana ny «Permis Environnemental» amin'izao fotoana izao ny Fanjakana satria efa lany andro ny teo aloha.**
- 4- Oviana no fanombohan'ny tetikasa satria tsy voasoratra ao anatin'ny boky fifanarahana?
  - **Tsy voasoratra ao ny fanombohan'ny tetikasa, fa tsy maintsy tanterahina anelanelan'ny taona 2023-2027 ny tetikasa.**
- 5- Ohatrinona no fitambaran'ny trosan'i Madagasikara amin'ity taona ity?
  - **Mitentina 16 000 000 000 000 Ariary no trosa azon'i Madagasikara atao amin'ity taona ity.**

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fankatoavana ny volavolan-dalàna ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia niato 30 minitra ny fivoriana araka ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenana.

Nankatoavin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2023 tamin'ny 15 Martsa 2023 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Programme Intégré d'Assainissement d'Antananarivo-2<sup>ème</sup> phase (PIAA2), conclu le 08 décembre 2022 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement (AFD)» ka hoentina eny amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 4 ora sy 30 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny famakiany ny tatitra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanambara fa hiroso amin'ny fanitsiana sy fanamarihana ny tatitra ny mpivory.

Tsy nisy Solombavambahoaka nanao fanamarihana mikasika izany.

Nitondra fanamarihana sy fanatsarana vitsivitsy, Andriamatoa RAVOKATRA Fidiniavo, Minisitry ny Rano, ny Fidiovana sy ny Fanadiovana, ka toy izao manaraka izao izany:

Ao amin'ny pejy faha-2 amin'ny "paragraphe" farany: ireto tetikasa telo manaraka ireto no laharam-pahamehana amin'ity famatsiam-bola ity raha araka ny "schéma Directeur

d'Assainissement d'Antananarivo", ka ahitsy toy izao: ireto no "schéma directeur" telo manaraka ireto no laharam-pahamehana amin'ity famatsiam-bola ity:

"schéma directeur d'assainissement d'Antananarivo, commune urbaine", «schéma directeur d'assainissement, 37 communes» manodidina ary ny «schéma directeur de gestion de l'inondation». Mitohy amin'ny "paragraphe" manaraka izany, nohatsaraina toy izao: ka ny asa laharam-pahamehana ao anatin'ny "schéma directeur d'assainissement d'Antananarivo" dia ny fanavaozana ireo faritra eo ambanin'ny "ovoïde" Analakely, fanangonana sy famoahana ireo rano manodidina ny farihin'Anosy ary fanatsarana ny tambazotra fanarian-drano eo amin'ny Kianja sy ny manodidina ny faritr'i Mahamasina. Nomarihany koa, fa ao anatin'ny "schéma directeur d'assainissement d'Antananarivo" no misy an'ireo asa miisa telo hotanterahina.

Ao amin'ny pejy faha-3, eo amin'ny "paragraphe" afovoany manao hoe: toy izao ny fepetra hamerenana ny vola. Eo amin'ny teboka milaza fa ny iray dia «Euribor» 6 volana ary miampy 10 pdb (point de base) ahitana tahan'ny zanabola farany ambany 0,25%; ovaina hoe: ka tsy tokony ho latsaky ny 0,25% ny tahan'ny zanabola.

Nitondrany fanitsiana koa ny tsipika faha-5 amin'io "paragraphe" io manao hoe: ny "indemnité d'annulation du crédit" dia 10% miakatra: 2,5% dia kajiana araka ny vola nofoanana. Nahitsy toy izao ny fanoratana azy: raha mihoatran'ny 10% ny «crédit annulé» dia tratra ny "indemnité d'annulation du crédit 2,5%".

Tahaka izao no fanampim-panazavana ao amin'ny pejy faha-4 amin'ny fanontaniana faha-2 hoe: mety hisy ve ny "expropriation" na fanalana olona amin'ny taniny ao anatin'ity tetikasa ity?

Valiny: araka ny fandinihana natao dia tsy misy ny "expropriation" satria fanatsarana sy fanamboarana ireo fotodrafitrasa efa misy no hatao, nampiana hoe: mety hisy ihany "expropriation" arakaraka ny asa hatao ary amin'ny vola anjaran'ny fanjakana Malagasy «10 000 000 Euros» no hakana azy raha misy izany.

Taorian'izay, mbola nomena fitenenana indray, Andriamatoa Minisitry ny Rano, Fidiovana sy Fanadiovana hamelabelatra amin'ny ankapobeny ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Nambarany fa tohin'ny tetikasa «Programme Intégré d'Assainissement d'Antananarivo» izay niarahana tamin'ny "Agence Française de Développement" na AFD ity tetikasa ity mba angatahana fankatoavana eto anivon'ny fivoriamben'ny Antenimierampirenena.

Nomarihany fa mila "assainissement" tsara tantana ny rano eto Antananarivo ankoatran'ny fitantanana fako, ao koa ny fanalefahana ny fiantraikan'ny tondradrano izay efa mahazo vahana amin'ny fotoan'ny rotsak'orana. Izay no antony namolavolana ity tetikasa ity.

Notsindriany fa tsy ho foana ny tondradrano, fa halefahana sy ahena araka izay azo atao.

Ny Kaominina Ambonivohitra Antananarivo sy ireo Kaominina 37 manodidina azy no voakasiky ny tetikasa ary mponina miisa 2 300 000 no ahazo tombony amin'ny fahavitan'izany.

Nambarany araka ny voalazan'ny tatitra teo, fa mitentina "53 000 000 Euros" ny tomban'ny tetikasa, "35 000 000 Euros" indramina amin'ny AFD (Agence Française de Développement), ny "8 000 000 Euros" fanomezana avy amin'ny Vondrona Eoropeana ary ny "10 000 000 Euros" kosa avy amin'ny fanjakana Malagasy.

Nomarihany fa ilaina ny mahafantatra ny toerana ihandronan'ny rano eto Antananarivo sy ireo Kaominina manodidina azy sy ifehezana ny rano koa mba tsy hihandrona amin'ny fotoam-pahavaratra ka hampidi-doza.

Fanatsarana ireo fantsona lehibe mitondra rano sy fanavaozana ny fitaovana efa antitra izay namboarina tamin'ny andron'ny fanjanahan-tany no tanjona napetraka amin'izao tetikasa hatao izao.

Fisaorana ny rehetra naharitra nihaino azy tamin'ny fanazavana fohy nomeny no namaran'Andriamatoa Minisitry ny teniny.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiditra amin'ny adihevitra ankapobeny mikasika ny volavolan-dalàna ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Rehefa izay, nandray anjara fitenenana ny Solombavambahoaka.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka nandray fitenenana tamin'izany:

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique sy Andriamatoa RANDRIANARISOA Stanislas ary Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee.

Nitambaran'izy ireo tamin'ny fandraisany fitenenana ny maha-zava-dehibe ity tetikasa ity sy ny tokony handaniana azy.

Tokony hotanterahina maika ihany ny tetikasa satria efa roa taona lasa no nanombohana azy, ka isaorana ny Minisiteran'ny Rano, ny Fidiovana ary Fanadiovana namolavola azy.

Nambaran'izy ireo koa fa tokony handraisana fepetra haingana ny resaka fanotofana tany sy ny fahatsentsenan'ny lakan-drano eto Antananarivo izay mahazo vahana tokoa amin'izao fotoana izao. Tokony hajanona avy hatrany ny fanotofana tany mba tsy very fotsiny ny vola azo avy amin'ity "ratification" hanaovana ny tetikasa "assainissement" ity.

Nanamarika Andriamatoa RANDRIANARISOA Stanislas, koa mila manao "courage"-n'ireo lakan-drano marobe tsentsina eto Antananarivo mba hampandeha tsara ny fikorian'ny amin'izy ireny; satria ny zavatra tsapa, tsy nisy nikarakara nandritra ny taona maro ny lakan-drano eto an-drenivohitra.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Andriamatoa RAVOKATRA Fidiniavo, Minisitry ny Rano, ny Fidiovana ary ny Fanadiovana, mba hamaliany ny fanontaniana sy fanamarihana nataon'ny Solombavambahoaka teo.

Nambarany fa tena mahazo vahana tokoa ny fanotofana tany sy fanorenana trano eo ambony lakan-drano eto Antananarivo renivohitra.

Maro koa ny tsy fanarahan-dalàna mikasika ny fanotofana tany eto Antananarivo; ka eo anatrehan'izany, efa andalam-panarenana momba io tranga io ny Minisitery tomponandraikitra amin'izao fotoana izao.

Nomarihany fa tsy misy fahatarana raha ny fandraisana fanapahan-kevitra no asiana teny, fa ny zava-dehibe dia ny fanarenana sy fanatsarana ny toe-java-misy.

Notsiahiviny fa mizara roa ny tetikasa, ka ny andiany voalohany dia ny PIAA1 izay efa eo andalam-pamaranana ny fanamboarana. Ity no andiany faharoa ka entina eto amin'ny fivoriambe hankatoavina mba hoentina manatanteraka ny tetikasa momba ny "assainissement" eto Antananarivo renivohitra sy ireo Kaominina manodidina azy.

Fanentanana amin'ny fandania ny volavolan-dalàna sy fisaorana ny mpivory no namaranany ny fitenenany.

Rehefa tsy nisy Solombavambahoaka nandray fitenenana intsony, nanambara, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiditra amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2023 tamin'ny 15 Martsa 2023 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Programme Intégré d'Assainissement d'Antananarivo-2<sup>ème</sup> phase (PIAA2)*» ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ny Volavolan-dalàna. Araka ny voalaza ao amin'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, rehefa misy lalàna "ratifier"-na tahaka izao dia tsy azo kitihana ny volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahana na ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandania azy.

Nomarihany koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'izao fandraisana fanapahan-kevitra izao.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 38 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nilaza fa ahemotra ny fandinihana ny volavolan-dalàna.

Rehefa izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2023 tamin'ny 15 Martsa 2023 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Programme Intégré d'Assainissement d'Antananarivo-2<sup>ème</sup> phase (PIAA2), conclu le 08 décembre 2022 entre la République de Madagascar et l'Agence Française de Développement(AFD)*».

Taorian'ny fandania ny volavolan-dalàna, nomena fitenenana, Andriamatoa RAVOKATRA Fidiniavo, Minisitry ny Rano, ny Fidiovana ary ny Fanadiovana.

Fisaorana sy fankasitrahana ny Solombavambahoaka no nataony noho ny fahalianan'ny Volavolan-dalàna natolotry ny Minisitery iandraiketany.



Nisaotra ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola koa ny tenany tamin'ny famolavolana ny fandinihana momba ny tetikasa tany amin'ny asam-baomiera.

Firarian-tsoa ho an'ny Antenimierampirenena no namaranany ny teniny.

Nisaotra azy tamin'izany koa Andrimatoa Mpitarika fivoriana.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nambarany fa aorian'izao fivoriambe izao dia hivory ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena ary hatao androany amin'ny 3 ora, tolak'andro, ao amin'ny "Salle BP" ny "Conférence des Présidents"; koa manentana ny mpikambana amin'izany mba hanatrika io fivoriana io.

Niato tamin'ny 12 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

NY FILOHA

RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

